# 365Tantara

## 21.Ny Baiboly sy ny solomaso



# 21. Ny Baiboly sy ny solomaso

Nisy Pasitera namangy vavy antitra iray ary nanontany azy
raha toa ka manana Baiboly izy. «Oadre ry Ingahy Pasitera! hoy izy, nahoana moa no manontany ahy izany ianao ?  Isika tsy
mihaina toy ny jentilisa, fantaro izany ! ».


Dia hoy izy ta¬min'ny zanany vavy : «Ndeha alaivo ny Baiboliko anaka, azafady?» Niala tsiny ny mpamangy : « Tsia, aza misahirana re Ramatoa, fa mino anao tanteraka aho ! ».



Dia tonga ny Baiboly voafono tsara anaty taratasy.

Ilay vavy antitra namelatra am-panajana ny fonosana dia nandray ilay boky fa tsy nila nanokatra izany akory, fa nisokatra ho azy teo amin'ny toerana nipetrahan'ny soloma¬sony. « Oadray, ny solomasoko ! » hoy izy.

Efa volana maro aho no nitady azy ity ! Ary afaka mbola nijanona ela tsy hita ! Tena nahafaly aho ny niresahanao ny Baiboly ry Ingahy Pasitera ! Araky izao hitanao izao dia manana iray aho !



Ary izany no vidin'ny harenan' ny manan-karena indrindra, teo anatrehan-dRamatoabe. Nahafa-po azy ny fananana Baiboly, noeritretiny fa ny fananany an' io no maha Kristianina azy !

Moa ve tsy hatahorana fa, amin' ny fatra lehibe na latsaka, toy izany ny olona maro izay mahita fa mahatezitra ny tsy fiheverana azy ho kristianina ?


BIBLE

« Manana baiboly ve ianao ?- Eny hoy ny valin-teny. - Vakianao ve ny Baibolinao ? » Eo, dia matetika tsy misy valiny ny fanontaniana.

Ny Baiboly tsy « mampahita soa ». Ny fanana Baiboly tsy midika fa kristianina ny tompony. Ny Baiboly dia tokony ho vakiana, raisina ho Tenin'Andriamanitra ary hampiarina amin'ny fiainana andavan'andro. Izay manana Baiboly nefa tsy manokatra azy dia toy ny olona marary manana ny taratasin'ny dokotera, mipirina tsara anaty vata, anefa tsy mitady ny hahazo ny fanafody voasoratra ao anatiny. Ry na¬mana malala, fantaro fa raha manana Baiboly ianao, anefa tsy mamaky azy dia manana andraikitra amin'zany ianao ! Ny Baiboly dia Tenin'An-driamanitra izay milaza amintsika fa « Tsy mofo ihany no hiveloman' ny olona, fa ny teny rehetra izay aloaky ny vavan' Andriamanitra». Hitanareo izany teny izany ao amin'ny Testamenta Taloha, ao amin'ny bokin'ny Deoteronomia 8:3, ary koa ao amin'ny Testamenta Vaovao: Matio toko faha 4 andininy faha 4.


BIBLE

Andriamanitra, nandritra ny taonjato maro, nikarakara handefa amintsika izany Teny izany, zava-dehibe ny maka fotoana hahazoana izay tiany hambara amintsika! Ny Baiboly dia boky hafakely, satria izay ambarany dia mbola mikasika ny ankehitriny ! Ahitako valim-panontaniana mikasika ny tanjona sy ny anton'ny fahavelomako, mikasika ny fanambadiana, ny fitaizana ny ankizy, ny fifamelana, ny fitantanana ny vola, ny fahoriana, ny tahotra, ny hoavy etsetra… Fa ao koa no hanovozako fampaherezana sy fampanantenana isan'andro. Andao anio, haka fotoana hamakia¬na sy hieritreretana io Teny io izay manome fitsaharana ho an' ny fontsika sy manova ny fiainantsika... Manana Baiboly ve ianao ? Mamaky azy ve ianao ?